



**Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband**

Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Ilay Antso Masin'ny Mpitory ny Filazantsara

*Mila ireo zatovolahy tsirairay ny Tompo mba hiomana sy hanolo tena manomboka anio hariva, ho mendrika ny antso avy amin'ny mpaminanin'Andriamanitra mba hitory ny filazantsara.*

Miarahaba anareo amin'izao takariva izao ry rahalahiko mala ato amin'ny fisoronana. Anio hariva aho dia te-hiresaka mikasika ny asa fitoriana ny filazantsara. Ny lahateniko dia havantako amin'ireo vondrona lehiben'ny zatovolahy miha-zona ny Fisoronana Aharôna izay mian-gona manerana ny tany manontolo, sy ho an'ireo rainy, raibeny ary ireo mpi-tarika ao amin'ny fisoronana izay miahy azy ireo.

Lohahevitra tena akaikin'ny foko tokoa ny asa fitoriana ny filazantsara, toy ny itiavan'ireo mpikambana tsirairay ao amin'ireo Kôlejin'ny Fitopololahy izay miisa valo an'izany, izay notendren'ny Tompo handeha "hialoha Azy eny amin'ny tanàna sy ny tany rehetra izay halehany."<sup>1</sup> Singa iray manan-danja ato amin'ny Fiangonana ny asa fitoriana ny filazantsara ary fitahiana mifono famonjena ho an'ireo rehetra manaiky ny hafatra entiny.

Raha nanompo teo anivon'ny olona ny Tompo dia niantso mpanarato tao Galilia Izy mba handao ny haratony sy hanaraka Azy ary hoy Izy hoe: "Hataoko mpanarato olona ianareo."<sup>2</sup> Nandroso izany antso izany tamin'ireo olona manetry tena koa ny Tompo, ka

amin'ny alalan'izy ireo, no handrenesan'ny hafa ny fahamarinan'ny Filazantsarany, ary hanatonany Azy.

Tamin'ny Jiona 1837, niantso an'i Heber C. Kimball, izay Apôstôly iray, hanao asa fitoriana any Angletera ny Mpaminany Joseph Smith. Teo ampipetrahan'izy roalahy tao amin'ny Tempolin'i Kirtland no nandraisana ny antson'ny Loholona Kimball ary niteny

niaraka tamin'ny fahefana masina i Joseph hoe: "Ry rahalahy Heber, mibitsika amiko ny Fanahin'ny Tompo manao hoe: "Aoka ny mpanompoko Heber handeha ho any Angletera ary hitory ny filazantsarako sy hanokatra ny varavaran'ny famonjena ho an'izany firenena izany."<sup>3</sup>

Izany bitsiky ny Fanahy izany dia ohatra iray maneho ny fandraisan'ny mpanompon'ny Tompo ny antso mba handefa ireo mpitory ny filazantsara any amin'ny sahan'ny asa fitoriana.

Ankehitriny ny mpitory ny filazantsara dia mandeha tsiroaroa araky ny nanendren'ny Tompo azy, mitondra ilay hafatra hatramin'izay, miaraka amin'ilay antso masina avy amin'ny mpaminan'Andriamanitra mba hanompo. Nilaza izao tamin'ireo izay voantso hanompo ny Mpaminanintsika, Filoha Thomas S. Monson: "Anareo izao ny fahafahana hitory ny filazantsara eo amin'ny fiainana. Miandry anareo ireo fitahian'ny mandrakizay. Anareo ilay safidy tsy hitazam-potsiny fa handray anjara amin'ny asa fanompoan'ny fisoronana."<sup>4</sup>

Anareo ny sehatra ry zatovolahy malalako ao amin'ny Fisoronana Aharôna. Vonona ve ianareo hanao an-tsitraro ny anjaranareo? Mila ireo zatovolahy tsirairay ny Tompo mba hiomana sy hanolo tena manomboka anio hariva, ho mendrika ny antso avy amin'ny mpaminanin'Andriamanitra mba hitory ny filazantsara.



**Buenos Aires, Argentine**



‘Tsaroako ny fifaliana lehibe teo amin’ny fianakaviako rehetra rehefa nandray ny antsony mba hanao asa fitoriana amin’ny fotoana feno ny roa tamin’ireo zanakay. Feno fientanentanana sy fahamaizana tsy nisy ohatr’izany ny fonay teo am-panokafan’ny tsirairay tamin’izy ireo ilay taratasy manokana avy tamin’ny mpaminanin’Andriamanitra. Nantsoina hanompo tao amin’ny Misiônan’i Michigan Detroit ny zanakavavinay Jenessa ary i Christian zanakalahinay kosa tany amin’ny Misiônan’i Moscou Russie Atsimo. Tena zavaviseho nampanetry tena nefa nampanagitagita koa izany!

Variana aho nahita ireo misiônera tonga tao amin’ny tanànan’i New York fony izaho sy Rahavavy Rasband nanao fahafahana niahy ny Misionan’i New York Avaratra ao New York taona maro lasa izay.

Rehefa nanao tafa sy dinika tamin’izy ireo aho tamin’ny andron’izy ireo voalohany tao amin’ny misiôna dia nanana fankasitrahana lalina an’ireo mpitory filazantsara tsirairay avy aho. ‘Tsapako fa ny antso azon’izy ireo mba hanompo ao amin’ny misiôna misy anay dia antso masina natao ho azy ireo, sy ho ahy, tamin’ny naha-filohan’ny misiôna ahy.

Taorian’ny fahavitanay ny antsonay tao amin’ny misiôna dia nantsoin’ny Filoha Gordon B. Hinckley aho mba ho Fitopololahy ato amin’ny

Fiangonana. Isan’ny tafiditra tao anatin’ny fanofanana ahy tamin’ny voalohandohany tamin’ny naha-Manampahefana Ambony vaovao ahy ny fiarahana mipetraka amin’ireo mpikambana ao amin’ny Roambinifololahy mandritra ny famomezan’izy ireo ny antso ho an’ireo misiônera mba hanompo any amin’ny iray amin’ireo misiôna 300 mahery eto amin’ity Fiangonana lehibe ity.

Rehefa namporisihina sy nahazo alalana avy tamin’ny Filoha Henry B. Eyring aho, dia tiako ny hizara traikefa aminareo, izay niavaka tokoa ho ahy, ary azoko niaraka taminy taona maro lasa izay, fony izy mpikambana tao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo. Samy mihazona ny fanalahidin’ny fanjakana ny Apôstôly tsirairay ary mampiasa azy ireo araky ny fitarihana sy anjara andraikitra nampanaovin’ny Filohan’ny Fiangonana azy. Nanana andraikitra ny handefa ireo misiônera any amin’ny sahan’ny misiônany ny Loholona Eyring ary tao anatin’ny fanofanana ahy dia nasaina aho hanatrika teo.

Niaraka tamin’ny Loholona Eyring aho indray maraina tao amin’ny efitrano iray, izay ahitana efijery lehibe maro voaomana ampiasaina amin’izany fivoriana izany. Nisy olona tompon’andraikitra avy tao amin’ny Departemantan’ny Asa Fitoriana koa tao izay nantsoina mba hanampy anay tamin’izany andro izany.

Voalohany dia nandohalika nivavaka

izahay rehetra. ‘Tsaroako ny Loholona Eyring nampiasa teny tena avy ao ampo nangataka ny Tompo hitahy azy mba hahafantatra “mazava tsara” ny toerana tokony hanendrena ireo misiônera. Ilay teny hoe “mazava tsara” dia mamaritra be dia be ny finoana nasehon’ny Loholona Eyring tamin’io andro io.

Rehefa nanomboka ny asa, dia misy sarin’ily misiônera ho tendrena miseho eo amin’ireo efijery. Rehefa miseho ny sary tsirairay dia toy ireny miaraka aminay ao amin’ny efitrano ireny ny misiônera. Miarahaba ilay misiônera amin’ny feony feno hatsaram-panahy ny Loholona Eyring, manao hoe: “Manao ahoana Rahalahy Reier na Rahavavy Yang. Fahasalamanao?”

Nilaza tamiko izy fa tiany ny mieritreritra ao an-tsainy ny toerana hamaranan’ireo misiônera ny asa fitoriany. Izany dia hanampy azy hahafantatra ny toerana tokony hanendrena azy ireo. Mandalina ny fanamarihana avy amin’ireo eveka sy filohan’ny tsatôka ny Loholona Eyring avy eo, sy ireo fanamarihana ara-pahasalamana, ary ireo zavatra hafa mahakasika ireo misiônera tsirairay avy.

Avy eo izy dia mitodika amin’ny efijery iray hafa izay mampiseho ny faritra sy misiôna manerana an’izao tontolo izao. Farany dia manendry ny misiônera any amin’ny saha hitoriany izy, rehefa avy mahatsapa ny bitsiky ny Fanahy.

Fantatro avy tamin’ireo Roambinifololahy hafa fa izany fomba fiasa izany dia miseho isan-kerinandro rehefa manendry ireo misiônera maro dia maro ireo Apôstôlin’ny Tompo mba hanompo manerana an’izao tontolo izao.

Nampihetsi-po lalina ahy tokoa izany traikefa izany noho izaho misiônera tao amin’ny firenako ihany, tao amin’ny Misiônan’ny Eastern States, taona maro lasa izay. Noho ny fanompoana nataoko tamin’ny naha-filohan’ny misiôna ahy koa, dia mbola feno fankasitrahana aho tamin’ny vavolombelona fanampiny voarainy tao am-poko fa ireo misiônera izay niahiko tao amin’ny tanànan’i New York dia nalefa tany tamin’ny alalan’ny fanambarana.

Taorian’ny fanendrena misiônera vitsivitsy dia nitodika taty amiko ny Loholona Eyring teo am-pandinihina misiônera iray manokana ary nanontany

ahy hoe: “Rahalahy Rasband, aiza izao no eritreretinao tokony handehanan’ity misiônera ity?” Nihanahana aho! Niteny tamin’ny Loholona Eyring tsimoramora aho fa tsy fantatro, ary, tsy fantatro hoe tokony hahafantatra izany ve aho! Nibanjina ahy ary niteny tsotra izy hoe: “Rahalahy Rasband, mi-fantoha tsara kokoa dia hahafantatra koa ianao!” Nampanatoniko akaikikiky ny Loholona Eyring sy ny efijerin’ny solosaina ny sezako, ary dia nifantoka bebe kokoa aho!

Nisy fotoana indroa nandritra ny fanaovana izany asa izany no nitodika tany amiko ary nanontany ahy ny Loholona Eyring hoe: “Eny ary ry Rahalahy Rasband, aiza no tsapanao fa tokony handehanan’ity misiônera ity?” Nilaza anaran’ny misiôna iray aho ary nijery ahy tamim-pisaintsainana lalina ny Loholona Eyring ary niteny hoe: “Tsia, tsy izay!” Avy eo dia manohy manendry an’ireo misiônera any amin’ny toerana tsapany tamin’ny alalan’ny bitsika noraisiny izy.

Rehefa akaiky ny famaranana izany asa natao tao anatin’ny fivoriana izany dia nisy sarin’ny misiônera iray nipoitra teo amin’ny efijery. Nahatsapa bitsika nahery vaika aho, izay tena nahery vaika tamin’izany maraina izany, fa ity misiônera iray ity dia tokony hotendrena ho any Japana. Tsy fantatro akory hoe hanontany ahy mikasika ity iray ity ny Loholona Eyring, kanefa nahagaga fa nanontany izy. Dia tamim-pihambahambana sy tamim-panetrentena no namaliako azy hoe: “Japana?” Tonga dia namaly avy hatrany ny Loholona Eyring hoe: “Eny, andao jere-na hoe.” Niseho teo amin’ny efijerin’ny solosaina ireo misiôna misy any Japana. Fantatro teo noho eo fa ity misiônera ity dia tokony handeha ho any amin’ny Misiônan’i Sappôrô Japana.

Tsy nanontany ahy ny tena anaran’i-lay misiôna ny Loholona Eyring, kanefa dia notendreny ho any amin’ny Misiônan’i Sapporo Japana izany misiônera izany.

Tena tohina sy feno fankasitrahana ny Tompo tao am-poko manokana tao aho noho ny famelany ahy hahatsapa izany bitsika izany ka hahafantatra ny toerana tokony hanendrena ilay misiônera.

Nijoro ho vavolombelona tamiko ny



Loholona Eyring tamin’ny fiafaran’ny fotoana niarahanay ny amin’ny fitiavan’ny Mpamonjy ny misiônera tsirairay avy izay notendrena handeha mamerana an’izao tontolo izao hitory ny filazantsara naverina tamin’ny laoniny. Nilaza izy fa amin’ny alalan’ny fitiavana lehiben’ny Mpamonjy no ahafantaran’ny Mpanompony ny toerana hanendrena ireo zatovolahy sy zatovovavy sy ireo misiônera olon-dehibe, ary ireo misiônera mpivady lehibe. Nahazo fijo-roana ho vavolombelona fanampiny aho tamin’izany maraina izany fa ny misiônera tsirairay voantso ato amin’ity Fiangonana ity, izay notendrena na naverina notendrena ho any amin’ny misiôna iray manokana, dia nantsoina tamin’ny alalan’ny fanambarana avy amin’ny Tompo Andriamanitra Tsitoha amin’ny alalan’ny iray amin’ireo Mpamonjy ireo.

Hofaranako amin’ny tenin’ny Tompo ho an-dry Whitmer mirahalaha ny teniko izay nanana anjara toerana goavana tany amin’ny fiandohan’ny Famerenana tamin’ny laoniny. Vavolombelona nanatri-maso ny takelabolamena izy ireo ary ny tenivavolombelony misy sonia dia hita ao amin’ny

pejy voalohan’ny tahadikany ny *Bokin’i Môrmôna* rehetra. Isan’ireo vondron’ny misiônera voalohany nantsoin’ny Mpaminanin’Andriamanitra tamin’ny 1829 mba hitory ny filazantsaran’ny Tompo Jesoa Kristy izy ireo.

Ao amin’ny teny fampidirana ny fizarana faha-14 ao amin’ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana dia misy milaza hoe: “Ny telo tamin’ireo zanakalahin’ i Whitmer rehefa nahazo ny tenivavolombelona ny amin’ny fahamarinan’ny asa dia nanjary sahiran-tsaina fatratra ny amin’ny andraikitra ny tenan’ny tsirairay avy taminy.”

Ny Tompo dia nilaza tamin’i John sy Peter Whitmer, Zanany, hoe: “Efa imbetsaka ianao no naniry hahalala Tamiko ny zavatra izay ho manan-danja indrindra aminao.”<sup>55</sup>

Mieritreritra aho fa maro taminareo ry zatovolahy no efa nanontany izany fanontaniana izany. Toy izao ny valintenin’ny Tompo: “Ary ankehitriny indro, lazaiko aminao fa ny zavatra izay ho manan-danja indrindra aminao dia ny fitoriana fibebahana amin’ity vahoaka ity, mba hahazoanao mitondra fanahy ho Ahy, mba hahazoanao miara-miala sasatra aminy ao amin’ny fanjakan’ny Raiko.”<sup>56</sup>

Amin’izao fotoana eo amin’ny fiainanareo izao, ry zatovolahikely namako, dia ny antso avy amin’ny Tompo no asa manan-danja indrindra azonareo atao. Miomana izao dia izao, miainà amim-pahamarinana, mianàra avy amin’ny fianakavianareo sy ireo mpitariky ny Fiangonana ary avia hiaraka aminay hanangana ny fanjakan’Andriamanitra eto an-tany—ekeo ny fanendrena masina anareo “amin’ity tanjona lehibe [ity].”<sup>57</sup> Izany no vavaka amim-panetren-tena ataoko amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Lioka 10:1.
2. Matio 4:19.
3. *Teachings of the Presidents of the Church Joseph Smith*, (2007), 327.
4. Thomas S. Monson, “That All May Hear,” *Ensign*, Mey 1995, 49.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 15:4, 16:4
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 15:6, 16:6
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 128:22.